# Ilay Voa Tsara Nafafy 08 Novambra 2018

# 8 Alakamisy novambra

**Ny fo torotoro sy mangorakoraka, Andriamanitra ô, tsy mba ataonao tsinontsinona.** Salamo 51. 17

**Nanakaiky Ianao tamin'ny andro niantsoako Anao, ka dia hoy Ianao : Aza matahotra.** Fitomaniana 3. 57

## Nahoana no misy ireny fijaliana ireny ?

Manerana izao tontolo izao ny fijaliana. Toa sarotra ny mampifanaraka izany amin'ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fahamoram-panahiny. Fijaliana ara-batana, ara-tsaina, izay matetika tsy misy ifandraisany mivantana amina fahadisoana, ary miteraka fahoriana tsy azo lazaina hoe vokatry ny nataon'olona tsy manan-tsiny. Avy amin'Andriamanitra ve ny fijaliana ? Nahoana izany no tsy faranany ?

Izao no ampahafantarin'ny Baiboly antsika : napetrak'Andriamanitra tao amin'ny saha Edena ny zavatra rehetra, mba hahafahan'ny olombelona miaina am-pahasambarana. Noarìn'Andriamanitra ho afaka izy, ka ninia tsy nankato ` an'Andriamanitra ny mpivady voalohany, fa nihaino an'i Satana. Nitodi-damosina an'Andriamanitra izy mivady. Koa ahoana no hilazana an'Andriamanitra ho tompon'andraikitra amin' izay mahazo azy ireo ? Niditra teto amin'izao tontolo izao ny ota, ary niaraka taminy ny fahafatesana. Nanjary „andrianan' izao tontolo izao" i Satana (Jaona 12. 31).

Avelan'Andriamanitra hisy ny ady, aretina, valanaretina. Vokatry ny ataon'ny olona mania ireny. Fomba ampiasain' Andriamanitra ireny mba hampijanonana ny olona tsy hanohy ny lalam-pahaverezany. Tsy te hanameloka azy Andriamanitra, fa te hamonjy azy kosa. Tsy refesina Andriamanitra, ary „tsy sitrany ny mampahory na mampalahelo ny zanak'olombelona" (Fitomaniana 3. 33).

Aoka tsy hohadinointsika na oviana na oviana fa tia antsika Andriamanitra. Nirahiny Jesosy Kristy Zanany, Izay nitondra tamin'ny tenany ireo fahadisoantsika, ka maty teo amin'ny hazofijaliana. Andriamanitra dia manolotra ho antsika famelan-keloka, famonjena, ary fiainana mandrakizay. „Teo amin' izay nihabeazan'ny ota no nihoaran'ny fahasoavana be lavitra" (Romana 5. 20). Ianao izay ao anaty fahoriana, ianao izay tsy mahatakatra akory aza angamba hoe nahoana ianao no mijaly, mitodiha amin'Andriamanitra, ambarao aminy ampahatokiana ny fahorianao. Te hitaona anao hanatona Azy Izy.